FARITRA BETSIBOKA 4

# OLONA 11 NO MATY, 6 TSY HITA POPOKA NANDRITRA NY RIVODOZA

MARINA IZANY ! 7

## TSY ALEO VE ASA !

ADY AMIN'NY KOLIKOLY 7

## LAHARANA FAHA-142 I MADAGASIKARA

Gazetiko
www.gazetiko.mg

MAHERY LANTO MANANDAFY 7

## VOASAZY 2 TAONA AN-TRANOMAIZINA

Laharana 7485 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 01 febroary 2023

MANANARA AVARATRA 3



## NILANJA SORABAVENTY NY MPAMBOLY LAVANILA

LOLO SY NY TARINY 2



## MADIVA HO LANY SAHADY NY TAPAKILA AMIN'NY MEY

MIDI FLASH Hivoaka manomboka anio

CHAN 2022 2

# HIADY NY LAHARANA FAHATELO NY BAREA DE MADAGASCAR



KOLIKOLY 3

# TAFAKATRA HATRANY AMIN'NY 2 TAPITRISA Ar NY FAMINDRANA FONJA NY VOAFONJA



CHAN 2022

# Hiady ny laharana fahatelo ny Barea de Madagascar

Baolina nampidirin'i Papa Diallo tamin'ny lohany, teo amin'ny faha-5 nilalaovana monja, no nahazoan'ny Lion'i Teranga ny fandresena ka nandraraka ny Barea de Madagascar tsy hiatrika ny lalao famaranana amin'ny Fennecs-n'i Algérie, izay nanamontsana ny Mena an'i Niger tamin'ny isa mazava 5 no ho 0, nandritra ny lalao manasa-dalan'ny CHAN 2023. Koa na dia samy raraka aza i Madagasikara sy Niger dia mbola hiady ny laharana fahatelo amin'ny zoma 03/02/2023, izay heverina fa mbola anisan'ny lalao famaranana kely ihany koa. Hifampitady amin'ny lalao famaranana amin'ny sabotsy 04/02/2023 izany ny algerianina tompon-jaridaina sy ny senegaley. Raha ny fizotran'ny fihaonan'ny Barea de Madagascar sy Lion'i Teranga dia nanantombo tamin'ny baolina tokony ho tafiditra ny mpilalaon'i Pape Ti Haw, saingy tao amin'ny fahaizany i Nina mpiandry tsatobintsika Malagasy raha tsy izany nihitatra ny isa teny amin'ny tabilao elektronika. Teo amin'ny fizaram-potoana faharoa ny mpilalaontsika vao nanomboka nifehy ny lalao, Nidongy matetika tany amin'ny tanin'ny mpifanandrina taminy ry Carlos sy ry Tendry ary Onja, nisolo ny toeran-dry Tsiry sy Rakool ary Datsiry sy ny Naina Avizara, izay nitana toeran'i Avotra Dadafara. Afaka nanasahala ny isa ihany ny mpilalaontsika, raha nomen' ilay mpitsara tsadianina "penalty" tamin'ny baolina nodakan'i Dax, izay nidona tamin'ny zanak'i ilay vodilaharana senegaley. Tapitra hatreo izany aloha ny nofinofintsika hanao famaranana kanefa azo atao ny mandrombaka medaly alimo mody raha mandresy an'i Niger. Alefa Barea !

**aris rafaly**

"Rdj Mozika 2022"

# Ho fantatra amin'ny zoma alina ireo hahazo ny amboara

Hetsika ara-kolontsaina iray nataon'ny Rdj handrefesana ny lazan 'ny mpanakanto iray sy ny hirany ny "Rdj award trophy", mba hanomezana maripankasitrahana azy ireo tamin'ny alalan'ny fanolorany ny sanganasany. Omen-danja ihany koa ny mpankafy sy mpanaraka ny RDJ, satria dia izy ireo no hifidy izay mpanakanto na hira tiany amin'ny alalan'ny hafatra SMS sy ny mailaka. Ho fantatra amin'ny zoma izao eny amin'ny CCI Ivato ireo hahazo ny amboara, araka ny nambara tetsy amin'ny Trade Tower. Mpanohana ny RDJ ny Star amin'ny alalan'ny World Coca, sy ny Orange amin'ity hetsika ity. Andrandrain'ny mpanakanto izay voatsongo hifaninana rehetra ity hetsika ity mba hamaritany ny fankafizan'ny olona azy eo anivon ny fiarahamonina. Hifidianana avokoa ny karazana mozika sy gadona rehetra misy, ka ireo hira be mpankafy nalefan'ny RDJ nanomboka ny desambra 2021 ka hatramin'ny novambra 2022 no mifaninana. Mihoatra ny 35 ny amboara hatolotra, ka tahaka ny isantaona dia hisy hatrany ny zava-baovao. Tsy nijanona tamin'ny fanomezana amboara ny tompon'ny sanganasa mantsy ny RDJ fa hisy zava-baovao amin' ity andiany ity : hahazo amboara ny mpanakanto nametraka ny tantarany teo amin'ny mozika, ny fampisehoana tsara indrindra, ny "cover", ny vakisaova, "Trophée de méerite", ny hay fitafy sy taovolo… Ho fantatra amin'io zoma alina io ihany koa ny mpanakanto lahy sy vavy mendrika indrindra.

**Tiaray R**

Tôta - Kianja Barea Mahamasina

# "Omeo malalaka hilalaovan'ny ekipa hiaro ny voninahi-pirenena"

Matoa tonga amin'izao vokatra azon'ny ekipam-pirenena miatrika ny CHAN 2022 izao, dia vokatry ny hamaroan'ny kianja tsara eto amin'ny firenena. Io no nambaran'ny filohan'ny CFEM (Association des Clubs Football Élites à Madagascar), Rakotoarimanana Henintsoa omaly tetsy Andoharanofotsy. «Omeo hilalaovan'ny ekipam-pirenena sy ireny klioba solontenantsika ireny malalaka ny kianja, dia amboarina rehefa simba avy eo", hoy i Tota. Nohamafisiny kosa ny fangatahana amin'izay tomponandraikitry ny kianja Barea, mba havela hanao fanazarantena tapa-bolana mialoha ny lalao hatrehiny eo ny ekipam-pirenena na ireo klioba solontenantsika hiaro ny voninahi-pirenena. Somary nasiaka kely mihitsy moa ity filohan'ny CFEM ity nilaza fa tsy misy ilana io kianja izay isan'ny tena tsara io raha tsy hahazoambokatra. "Ohatra ny fahoriana kely ho an'ny ekipantsika rehefa hilalao eo, iray andro alohan'ny "match" hataony vao manitsaka eo».

**Rabenaivo**

Lolo sy ny tariny - La Cigale

# Madiva ho lany sahady ny tapakila fidirana amin'ny mey

Amin'ny sabotsy 23 mey 2023 izao no hiaka-tsehatra ao amin'ny La Cigale Parisy ry Lolo. Izy sy ireo ekipa mpiara-miasa aminy amin' izao fotoana no hifarimbona hiaka-tsehatra aminy. Lolo sy ny tariny ihany anefa no hoentiny amin'izany, satria i Lolo ihany no mpitarika ireo tariny ankehitriny. Tao anatin'ny herinandro monja nivoahan'ny tapakila, dia fantatra ankehitriny fa efa madiva ho tapitra sahady ny tapakila fidirana. Misy sokajy telo ny toerana sy ny tapakila amin'ity, ka ilay sokajy roa voalohany efa tapitra avokoa, fa ny tapakila eo amin'ny sokajy "Early bird" sisa no tavela tamin'ny tapaky ny volana janoary teo. Azo antoka fa efa tapitra raha ny fankafizan'ny maro an'i Lolo sy ny vazony no asian-teny.

**Fy**

MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE

DIRECTION DE LA FORMATION PEDAGOGIQUE(DFP)

## FAMPIAKARANA NY FAHAIZA-MANAON'NY MPAMPIANATRA : fampitoviana lenta ny fampiofanana ho an'ireo misehatra rehetra amin'ny fanabeazana

*Araka ny tanjona napetraky ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA tao anatin'ny Velirano fahaefatra, dia atao lahara-pahamehana tokoa ny fanabeazana sy izay fomba rehetra entina ampiakarana ny lenta sy kalitaon'ny fampianarana eto Madagasikara ho an'ny zaza Malagasy tsy an-kanavaka.*

**Miara-miasa ho fahombiazana**

Efa maro ireo tetikasa fampiofanana mpampianatra notanterahin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena niarahana tamin'ireo mpiara-miombon'antoka sy ireo fitaleavana eo anivon'ny Minisitera, mba hanatrana ny fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana. Araka ny tenin'ny Minisitra SAHONDRARIMALALA Marie Michelle tamin'ny fiandohan'ity taona 2023 ity anefa dia « ny fiaraha-misalahan'ny tsirairay no mitondra fahombiazana amin'ny fampiakarana ny lentan'ny fampianarana », ary anisan'ny mitondra anjara biriky lehibe amin'izany ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana.

Ny fahaiza-mandamina no enti-miady ka mba hampirindra sy ho fampitomboana ny tahan'ny fahombiazana amin'ny fanatsarana ny fampianarana dia anisan'ny tetikasan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ihany koa, amin'ny alalan'ny Fitaleavana misahana ny fampiofanana ara-pedagojika na ny « Direction de la Formation Pédagogique » (DFP), ny fampitoviana ny fomba fampiofanana ireo mpampianatra sy mpisehatra amin'ny fanabeazana rehetra manerana ny Nosy.



**Fanatsarana marolafy**

Tafiditra avokoa amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazan, na ny foto-drafitr'asa na ny fahaiza-manaon'ireo mpisehatra (mpampianatra, mpanabe, talen-tsekoly, mpandraharaha, …).

Anisan'ny hiandraiketan'ny DFP sy ireo fitaleavana miara-miasa (SG, DGP, ONEP, INFP, DAJ, UCA, DCRP, DEXAMC, DDIS) araka izany ny famolavolàna ny fenitra sy fitsipika ho an'ny fampiofanana na "normes et standards de formation ». Tsy ho an'ny votoatimpiofanana irery ihany fa mikasika ihany ny fotodrafitr'asan'ny toera-mpiofanana, ny mombamomba ireo mpampiofana, ny tahan'ny ora fiofanana, ary indrinda ny fitaovana sy singa entina manombana ny fahombiazana. Manana anjara andraikitra feno anatin'ny fanatanterahana ny tetikasa ihany koa ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa, sy ny Minisiteran'ny Fampianarana teknika sy ny fampiofanana arak'asa, ary ireo solontenan'ny sekoly tsy miankina sy ny ivo-toeram-panofanana pedagojika, izay hiara-hiasa tanteraka amin'ity taona ity. Natomboka tamin'ny fanangonana ireo lahatsoratra rehetra ( définition des terminologies et recueil des textes règlementaires) efa misy eo anivon'ny Minisitera foibe izany ary hotohizana amin'ny fiantsoana ireo mpisehatra rehetra amin'ny fanabeazana, na miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana, ny famolavolàna ny fenitra sy fitsipika ho an'ny fampiofanana (normes et standards de formation) hiarahan'ny rehetra mapihatra manerana an'ny Madagasikara, izay novinavinaina ho atomboka amin'ny volana martsa hatramin'ny volana jolay 2023 araka ny tetibola ao amin'ny FCE.

G CL 406/3-1

Kolikoly eny anivon'ny fonja

# Tafakatra hatrany amin'ny 2 tapitrisa Ar ny famindrana fonja ny voafonja

*Ireo tranga hanaovana kolikoly eny amin'ny fonja: ny fanomezana trano, fahasalamana, asa ankinina amin'ny voafonja, fifandraisana amin'ny any ivelan'ny fonja, fivoahana sy fiverenana ny fonja tsy voamarina...*

Nampahafantarin'ny CNIDH omaly tamin'ny fomba ofisialy ny boky torolalalana hoentina misoroka izay mety ho trangan-kolikoly eny anivon'ny tontolon'ny fonja. Tanjon'izany ny hanaovana fanentanana ireo asa maimaimpoana eny anivon' ny toeram-pamonjana ary ao anatin'ny fanajana tanteraka ny zon'ny voafonja izany. Natokana ho an'ireo voafonja, ny fianakaviany mba hahafantaran'izy ireo ny zony sy hampirisihina azy ireo hitoroka raha misy trangan-kolikoly. Taridalana ho fanatsarana ho an'ny fandraharahana ny fonja ihany koa anefa sady fitaovana ahafahana miaro ny zo raha ho an'ireo mpiady, sy fitaovana entina miasa ho an'ireo fiarahamonim-pirenena. Nisy fidinana sy fanadihadiana natao teny amin'ireo fonja lehibe roa eto Antananarivo noho izy ireo nahenoana trangan-kolikoly betsaka. Nisy atrikasa natao kosa tany amin'ny faritra Atsinanana, Matsiatra Ambony ary SAVA noho izy ireo nahenoana fitarainana maro. Valin'ny fanadihadiana nataon'ny CNIDH tao Tsiafahy no nahitana fa 71 isanjaton'ireo mpandraharahan'ny fonja dia manao kolikoly avokoa. 4 isanjato izany ho an'ny voafonja. Ho an'Antanimora kosa, 76 isanjaton'ny mpandraharaha no manao kolikoly ary 12 isanjaton'ny voafonja no tafiditra ao anatin'izay. Raha mikasa hanana trano tsaratsara kokoa ny voafonja dia 67 isanjato amin'ireo mpandraharahan'ny fonja no manao kolikoly, ka mandoa vola 800 hatramin'ny 400 000Ar ilay voafonja amin'izany. Raha maniry hafindra ho eny amin'ny fonja akaikin'ny fianakaviana ny voafonja iray dia tafakatra hatrany amin'ny 2 tapitrisa Ar ny vola aloany. Raha mangataka taratasy fahafahana vonjimaika eny amin'ny fitsarana na fahafahana misy fepetra hafa hivoaka ny fonja dia mandoa eo anelanelan'ny 230 000 hatramin'ny 2 600 000 ar ny voafonja iray. Mety miditra an-tsehatra amin' izany ny mpanera na mpiasan'ny fitsarana, na ihany koa ny fianakaviany. Raha maniry hiantso amin'ny finday ny fianakaviana ny voafonja dia mandoa 5 000Ar. Hatramin'ny rano hanasana tarehy sy handroana andoavana 100 hatramin'ny 500Ar eny anivon'ny fonja raha tokony ho maimaimpoana izany, toy ny fisitrahana fandriana sy fahazoana sakafo, fitsaboana ary fitsidihana isankerinandro.

**Nath**

Fitrandrahana fasimainty

# "Tsy hositrahin'i Toliara irery", hoy i Tsiebo Mahaleo Victor



**Nanazava ireo tombony ho azo amin'ny fitrandrahana ataon'ny Base Toliara ny loholona Tsiebo Mahaleo Richard Victor.**

Mifandimby maneho hevitra mikasika ny fitrandrahana fasimainty ataon'ny Base Toliara ireo manam-pahefana ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. *"Misy ezaka goavana tokony hatao amin'ny fampandrosoana ny faritra Atsimo Andrefana. Fanoitra ho an'ny fampandrosoana ny fampiasam-bola ataon'ny Base Toliara, ary tsy ho an'i Toliara irery ihany, satria mandray anjara amin'ny famoronan-karena faobe eto amin'ny firenena. Mamaly ny filàna aty an-toerana ny fisian'ity tetikasa ity ary ny fampandehanana azy dia hitondra fampandrosoana ho an'ny sehatra hafa, toy ny fambolena. Raha fehezina dia hanatsarana ny fiainan'ny mponina ny fisian'ny Base Toliara ary mifanaraka tsara amin'ny vina nataon'ny fanjakana ao anatin'ny PEM, na Planina Entina mampandroso an'i Madagasikara sy ny velirano faha-7 sy faha-9. Amin'ny maha zanaky ny faritra ahy sy amin'ny maha olobe ahy eto Toliara dia tsy vitako ny hanao fahadisoana eto amin'ny tanàna nilatsahan'ny tavoniko sy ny mponina ao aminy"*, hoy ny loholona Tsiebo Mahaleo Richard Victor. Anisan' ireo tombony notanisan'ity manam-pahefana ity ho azon'Antsimo Andrefana sy ireo mponina ao aminy ny famoronana asa, ny fisitrahana tetikasa sôsialy maro samihafa, ary ny vola tamberim-bidy avy amin'ny fitrandrahana. Nambarany fa hampiditra eo amin'ny 50 tapitrisa Dôlara isan-taona (manodidina ny 214 miliara Ariary) ao anatin'ny kitapom-bolam-panjakana ny fitrandrahana fasimainty ao Toliara, ary misy tamberimbidy hozaraina amin'ireo kaominina voakasika. Notsipihany manokana ny fanarahana ny fenitra talohan'ny fanombohan'ny tetikasa tamin'ny alalan'ny fanaovana ny fanadihadiana mialoha momba ny taratra nokleary, ny fiantraika aratontolo iainana, ary ireo pitsopitsony maro samihafa mety hitera-doza. Efa nisy koa, hoy ity manam-pahefana ity, ny fakan-kevitra natao tamin'ireo mponina sy olobe ary nahazoan'ity tetikasa ity fankatoavana.

**R. Muray**

Fiforonan-drivodoza

# Tsy hisy manodidina an'i Madagasikara ato anatin'ny dimy andro

Araka ny tatitra navoakan' ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro, mety hisy ny fiforon-drivodoza ao amin'ny ranomasimbe Indianina amin'ny faran'ny herinandro na amin' ny fiandohan'ny herinandro vaovao. Tsy hisy kosa ny fiforonana manodidina an'i Madagasikara ato anatin'ny dimy andro ho avy. Saika hikisaka any avaratra, avaratra andrefana sy afovoany andrefana ny oram-baratra. Miverina amin'ny fotoanan' ny fahavaratra tanteraka isika ka hitoetra ny varatraza amin'ny ilany atsinanan'ny nosy. Ho mando kokoa izany any amin'ny faritra afovoany atsinanana. Ny alatsinainy sy talata no nahazo oram-baratra ny eto afovoan-tany fa hikisaka any avaratra andrefana sy afovoany andrefana izany manomboka anio alarobia. Any amin'ny ilany atsinanan'ny Nosy kosa, handrahona sy hanorana miatoato noho ny varatraza. Hisy fidinanana ny maripana ambony any amin'ny ilany atsinanana. Mila miomana amin'ny fanaovana aro orana kosa ny rehetra satria anatin'ny fotoam-pahavaratra isika.

**Nath**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy hoe raha sarotra sy mafy ny ady atrehinao, dia io ianao ho kivy, fa arakaraka ny hamafy sy mahasarotra ny dia no iezahako manandrana mandra-pahatongako any."

Ny Vetso (29. 05. 15)

("Just because it's hard doesn't mean you should give up; It means you should try even harder.")

Mananara Avaratra

# Nilanja sorabaventy eran'ny tanàna ireo mpamboly lavanila




**Toy izao ny hetsika nisy tany Mananara Avaratra omaly.**

Nampiaka-peo ka nanao hetsika ireo mpamboly lavanila ary nilanja sorabaventy eran'ny tanàna tany Mananara Avaratra fa tsy misy mpividy ny lavanila. « *Vidim-piainana mafy ka mila vonjy amin'ny tomponanadraikitra misahana an'izany izahay"*. Nolanjan'ireo mpamboly lavanila eran'ny tanàna moa ireo vokatra ary nasehon'ireo vatan-dehilahy ny alahelony manoloana ny tsy fisian'ny mpividy ny vokatr'izy ireo. *"Diso fanantenana izahay tamin'ny fihetsiketsehana natao taty aminay, satria tsy tokony ho izao ny zava-misy. Ny mampalahelo anay dia tsy hita ny depiote Jack izay misolo tena ny mpamboly ao amin'ny CNV. Tsy ahenoam-peo ihany koa ny solombavambahoakan'i Maroantsetra sy Mananara"*, hoy ny solontenan'ireo mpamboly lavanila nahavokatra. Somary nanao fihantsiana tamin'ireo olomboafidy rehetra tany amin'ny faritra SAVA sy Analanjirofo iny moa ireo vatan-dehilahy nanao fihetsiketsehana tany an-toerana. Ampio ny vahoaka nifidy anareo.

**Heriniaina A.**

Faritra Anosy

# Hanao fanamby handresy ny tsifanjariantsakafo

Tonga nitsidika ireo toeram-pambolena nohajariana tamin'ny fanaovana "labour" tany amin'ny distrikan'i Betroka, ao amin'ny faritra Anosy, Atoa Governora Raharimbola Jovelyn. Hanao fanamby ity tomponandraikitra ity ka nilaza *fa "azo atao tsara ny mandresy ny tsifanjariantsakafo ato anatin'ny faritra Anôsy, ahafahana manana ambimbava hamamatsiana ny faritra hafa amin'izao fisian'ny rotsak'orana izao, noho ny fananan'ny faritra velaran-tany midadasika azo volena"*, hoy ny governora Jocelyn Raharimbola nandritra ny fitsidihana nataony ny alatsinainy teo. Fanamby sy laharampahamehana ho an'ny faritra Anosy ny hampitomboana an'ireo vokatry ny voly fihinana amin'ny alalan'ny fanitarana ny velaran-tany azo volena sy fifehezana ny rano, mba hanatrarana ny velirano fahasivy apetraky ny Filohampirenena Andry Rajoelina, dia ny fahavitan-tena aratsakafo. Fantatra fa ny velarantany 25Ha no voajary tamin'ny fanaovana "labour" navadika bainga amin'ny alalan'ny "tracteur" ao Betroka dia fiaraha-miasan'ireo fikambanana sy tokantrano mpamboly ao an-toerana miaraka amin'ny faritra Anosy sy ny fitaleavam-paritry ny fambolena sy fiompiana, izay manolotra "tracteur" sy mpiasa matihanina hamily an'izany izay manatanteraka ny asa. Ny fikambanana sy ny mpamboly tsirairay kosa no miantoka ny solika sy manao ny fambolena amin'ny taniny. Mirindra ny fiaraha-miasa amin'izao dingana lehibe entina mandresy ny tsifanjariantsakafo any ifotony izao.

**Heriniaina A.**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### COURS

* Cours particulier avec Mr Stacy : Maths, PC. Prof pédagogue. Tél : 034.04.018.21. (G-BA 455/5-3)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 458/4-1)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, nettoyage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 457/6-2)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-14)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-7)

### MITADY ASA

* L. Mitady asa sécurité 27 ans, matotra, madio, tsy mifoaka. Tél : 033.71.351.31 / 034.34.056.20. (G-BA 456/5-4)

Faritra Betsiboka

# Olona 11 no maty, 6 tsy hita popoka nandritra ny rivodoza

*Tao Tsaratanana no nahitana olona namoy ny ainy betsaka indrindra.*

Mavesatra ny takaitra navelan'ny Rivodoza Cheneso. Araka ny tatitra ofisialy navoakan'ny BNGRC (*Bureau National de Gestion des Risques et des catastrophes*), farany dia niakatra 30 ireo olona namoy ny ainy nandritra sy taorian'ny fandalovan'ny rivodoza. Maty lasan'ny rano avokoa ny ankamaroan'izy ireo. Mbola mitohy kosa ny asa fikarohana ireo olona tsy hita popoka lasan' ny rano. Misy 20 ireo mbola karohina ankehitriny. Anisan' ny nahitana faty olona betsaka tao amin'ny faritra Betsiboka. Nahatratra 11 ireo namoy ny ainy ary mbola misy olona 6 kosa tsy hita popoka. Raha ambara amin'ny antsipiriany dia io no vokatry ny fandalovan'ny rivodoza Cheneso. Maty andrano ny lehilahy 43 taona, monina ao Antongombato, fokontany Ampotaka, kaominina Mahatsinjo, disitrikan'i Maevatanana. Nisy vehivavy nihotsahan'ny trano tao Ankisatra, any Tsaratanana, sy ny zazakely iray monina ao Ambanitsena. Santionany ihany ireo fa ny tao Tsaratanana no nahitana olona namoy ny ainy betsaka. Ireo tsy hita popoka kosa dia olona mpiasa volamena avy ao Ankerika, kaomina Marokoro, distrikan'i Maevatanana, ary nisy lasan'ny rano tao Masokoamena, kaomina Sarobaratra, any Tsaratanana ihany. Mbola tombana vonjimaika ihany moa ireo fa andrasana ny fivoarany.

**Traboina**

Marihina fa araka ny tatitry ny BNGRC hatrany dia olona 90 519 avy amin'ny tokantrano 20 781, tao anatin'ny faritra 17 manerana ny Nosy, no traboina. Nalefa amin'ny toerana fandraisana 132 amin'ireo faritra 7 tena voadona mafy ny 36 805 tamin'ireto traboina ireto ary efa nanaovan'ny fanjakana fanampiana tamin'ny alalan'ny BNGRC, dia ny fanomezana ireo sakafo sy entana ilaina andavanandro. Maro ireo fotodrafitrasa simba. Nahatratra 26 397 ireo trano tondraky ny rano. Nisy trano 1 073 potika tanteraka.

**Ariel D.**

Faritra Bongolava - Antenimieran'ny varotra

# Vonona hamerina ny lazan'ny "Baie rose"

Vokatra fanondrana nahafantaran'ny firenena eorôpeana sy ny japôney an'i Madagasikara ny "baie rose", avy any amin'iny faritra Bongolava iny. Ankadinondry, Mahasolo, Fierenana sy Tsiroanomandidy no tena mamokatra azy. Betsaka ny azo ampiasana ny "baie rose". Ny an'ny Frantsay hanaovana ranomanitra. Ny japôney mampiasa azy amin'ny sakafo. Ataon'ny firenena tatsinanana savony ihany koa, azo anaovana Rhum arrangé, sns. Isan'ny mpanondrana azy ny firenena breziliana, kanefa resintsika eo amin' ny kalitao. Nisedra olana anefa ity seha-pihariana "baie rose" ity ka efa nanomboka niha-maty. Nisy fotoana, efa natao kitay sy arina fandrehitra mihitsy, satria tsy nividy intsony ireo mpanafatra rehefa tsy voatazona ny fenitr'ilay asa. Tsy natoky ny mpiara-miombona antoka, satria lasa nizarazara ilay firaisankina taloha. Tsy ampy ny "quota" hanondranana ilay vokatra.



**Vonona hitondra ny traikefany ny Filohan'ny Antenimieran'ny varotra any Bongolava.**

**Kaoperativa**

Eo anatrehan'izany, nampanantena fiaraha-miasa amin' ny hamerenana ny lazan'ny "baie rose" avy amin'iny faritra Bongolava iny ny filohan'ny Antenimieran'ny Varotra any an-toerana, Atoa Razafiniarivo Dera Andriamihaja. " *Tsy maintsy averina amin'ny maha izy azy ilay kaoperativa sy ireo mpiara-miombona antoka rehetra amin'io seha-pihariana io. Averina indray ny fitokisan'ireo mpandraharaha mpividy ny vokatra teo aloha. Satria isan'ny nahafantaran'ny Eorôpeana antsika, ary hampidi-bola ho an'ny mpandraharaha sy ny tantsaha ary ny faritra Bongolava amin'ny ankapobeny io seha-pihariana io*", hoy izy. Tsy maintsy hisy ihany koa ny fanofanana atao amin'ireo mpamboly, sns ao anatin'izany.

**Niry R.**

"Prix Paritana"

# Misokatra indray ny fisoratana anarana amin'ny andiany faha-7

Efa nisokatra nanomboka ny 10 janoary teo ary tsy mifarana raha tsy ny 26 martsa izao indray ny "prix Paritana" izay fandaharan' asan'ny Fondation H manohana ny sehatra ara-javakanto. Misokatra ho an'ny mpanakanto mizaka ny zom-pirenena Malagasy na monina eto Madagasikara moa ity fandaharan'asa ity. Misokatra ho an'ny sehatra rehetra koa izany izany hoe na mpanao hosodoko,na mpaka sary,na mpanao sikotra,na horonantsary sy ny maro hafa. Ireo zavakanto ankehitriny na ny hoe "art contemporain" kosa no tena iantefany izany. Mpanakanto telo isan-taona izay mahafeno ireto fepetra ireto kosa no hibata ny loka: eo aloha ny fijerena ny kalitaon' ilay zava-kanto, manaraka izay ny fampandrosoana entin'izany ary ny farany dia izay vinavinan'ilay mpanakanto nanao azy mihitsy. Fampirantina ny sanganasan'izay mpandresy any ivelany moa no loka goavana amin'izany. Ho an'izay liana ny handray anjara ary dia afaka maka ny andinidininy rehetra amin'ny alalan'ity rohy ity : https://forms.gle/PUSUN6im5tfuqP ex6. Marihana moa fa miezaka ny hampivelatra sy ampahafantatra ny talenta hananan'ny Malagasy indrindra eo amin'ny resaka zava-kanto no tena tanjona tratrarin'ny Fondation H ka dia mamporisika ny rehetra indrindra fa ny tanora izy ireo mba handray anjara mavitrika amin'izany.

**Tanya.R**

Ambohimangakely

# Tambajotran-jiolahy nangalatra "coffre-fort"



**Ireo olona voasambotra.**

Tra-tehaky ny zandary ny olona dimy ao anatin'ny tambajotran-jiolahy nangalatra « coffre fort » tao amin'ny mpampiasa azy. Taorian'ny fahaverezana dia nandeha nankany amin'ny biraon'ny zandary nametraka fitoriana ilay lasibatra. Nandray ny andraikiny avy hatrany ireo mpitandro filaminana nanao famotorana sy nikaroka ny olon-dratsy. Rehefa nandeha ny fanadihadiana dia fantatra fa mpiasa tao ihany no nangalatra niaraka tamin'ireo mpiray tsikombakomba taminy. Olona iray no tratra tany Antananarivokely, any amin'ny kaominina Antsapandrano, distrikan'Ambatolampy, tamin'ny 27 janoary lasa, teo niaraka tamin'ny sakaizany izay tena atidoha nikotrika izany asa ratsy izany. Nitohy hatrany ny fikarohana ka tratra ihany koa ireo mpiray tsikombakomba tamin'izy ireo, nisy voasambotra tany Ivato centre, any amin'ny distrikan'Ambositra, ary ny sasany kosa tra-tehaka teny Andavamamba. Efa nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary nalaina am-bavany izy rehetra ireo ka nandritra ny famotorana dia voalaza fa niaiky ny heloka vitany, samy nahazo tamin'ilay vola halatra sy nandany izany. Fantatra fa vola mitentina 13 tapitrisa ariary sy finday enina ary antontan-taratasy maro samihafa no very, ka vola 800 000 ariary sisa no tsy lanin-dry zalahy tamin'izany, ary efa naverina any amin'ny tompony niaraka tamin'ny antontan-taratasy rehetra.

**T.H**

Maevatanana

# Telo mianaka lasan'ny rano

Tranga mampalahelo no niseho tany amin'ny renirano iray tany amin'ny fokontany Ambatolampy, any Tsiafabositra, any amin'ny distrikan'i Maevatanana, ny zoma lasa teo. Olona telo mianaka no lasan'ny rano tamin'izany ary mbola tsy hita popoka. Araka ny fantatra dia lehilahy iray niaraka tamin'ny ramatoa vadiny, izay bevohoka, sy ny zanak'izy ireo ankizikely tokony ho telo taona no niharan-doza tao anaty rano tao. Hatairana ny an'ny mponina raha nahafantatra ny zava-niseho ary samy nanao izay ho afany tamin'ny fikarohana ny rehetra fa mbola tsy hita ireo olona ireo. Mitohy hatrany ny fikarohana azy ireo. Mbola vokatry ny haratsian'ny toetr'andro ihany no anton'izao, satria miakatra ny rano ka mitera-doza. Fantatra fa fianakaviana avy any amin'ny fokontany Tanandava, any amin'ny kaominina Andriba, ireto lasan'ny rano ireto. Fa ankoatra izay, mpianaka ihany koa no maty an-drano tany Analakininina akaikin'ny hopitaly tany Toamasina, ny alahady hariva lasa teo. Araka ny fantatra dia telo mianaka izy ireo no niaraka tany amin'ny ranomasina. Rehefa nirobo-drano dia nilomano ilay zanany ka nentin'ny rano tany. Raha vao nahita izany ilay raim-pianakaviana dia nandeha nanavotra ny zanany ka tany dia tsy nipoitra ihany koa fa nentin'ny onjan-dranomasina. Dia nanavotra azy ireo ihany koa ilay renim-pianakaviana fa soa fa mba tsy naninona izy. Efa hita ny razan'ireo mpianaka maty an-drano.

**T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Fanontaniana**




## Hatsikana an-tsary

**Marsariera**




## Masoandro Miposaka

**Salamo 119 : 105**

**“Fanilon’ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao.”**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza sarotra ihamboana toa havan-dratsy.**

Ne faites pas de difficultés quand on veut s’enorgueillir de vous, tel un mauvais parent (ou ami).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2870

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | | | 9 | | | | | |
| 2 | 6 | | 4 | | | | 8 | |
| | | | | 6 | 5 | 1 | | |
| | 9 | | 8 | | | | 4 | |
| 6 | | | | 3 | | | | 1 |
| | 8 | | | | | | | 9 |
| | | | | 7 | 6 | | | |
| | | | 1 | 8 | | 4 | 9 | |
| | | | | | | 3 | 1 | |

Valin'ny laharana 2869

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 3 | 5 | 9 | 4 | 6 | 8 | 7 | 1 |
| 7 | 6 | 1 | 8 | 5 | 3 | 4 | 2 | 9 |
| 4 | 9 | 8 | 7 | 2 | 1 | 6 | 5 | 3 |
| 5 | 4 | 6 | 2 | 1 | 7 | 9 | 3 | 8 |
| 1 | 2 | 3 | 5 | 9 | 8 | 7 | 6 | 4 |
| 8 | 7 | 9 | 3 | 6 | 4 | 5 | 1 | 2 |
| 3 | 5 | 4 | 6 | 8 | 2 | 1 | 9 | 7 |
| 9 | 8 | 2 | 1 | 7 | 5 | 3 | 4 | 6 |
| 6 | 1 | 7 | 4 | 3 | 9 | 2 | 8 | 5 |

Ady amin'ny kolikoly

# Laharana faha-142 amin'ny firenena 180 maneran-tany i Madagasikara

*Nametraka an'i Madagasikara any amin'ny laharana faramparany miohatra amin'ny firenen-kafa ny vokatry ny fanadihadiana mikasika ny kolikoly navoakan'ny "Transparency International".*

Tsy nivoatra ! Namoaka ny vokatry ny fanadihadiana nataony mahakasika ny kolikoly tamin'ny taon-dasa ny "Transparency International-Initiative Madagascar" (TIIM), omaly. Tsikaritra tao anatin'izany fa tsy nisy fivoarana ny naoty azon'i Madagasikara raha oharina ny tamin'ny taona 2021, ary mbola isan'ireo firenena marefo manana naoty ratsy indrindra maneran-tany isika. Nijanona teo amin'ny naoty 26/100, na 2,6/10, toy ny tamin'ny roa taona lasa ihany isika. Na izany na tsy izany, niakatra teo amin'ny laharana faha-142 amin'ny firenena 180 maneran-tany i Madagasikara raha faha-147 tamin'ny taona 2021. Ny azo ambara, araka izany, dia mbola ratsy toerana amin'ny sehatry ny ady amin'ny kolikoly i Madagasikara ary mbola lavitra ezaka ny làlana alehantsika raha ilay tanjona napetraky ny fitondram-panjakana hoe hahazo naoty 50/100 amin'ny taona 2024. Marihina fa ny Nosy Seychelles no nahazo naoty ambony indrindra taty Afrika atsimon'i Saharaha, izay nahazo 70/ 100, ary i Somalie no nahazo naoty ambany indrindra, izay nahazo 13/100. Raha hiverenana ny mikasika ny firenentsika, antony telo no atolotry ny TIIM hanazavana io tsy fivoaran'ny naoty azontsika io. Voalohany ny tsy fametrahan'ny fitondram-panjakana ny ady amin'ny kolikoly ho laharam-pahamehana ao anatin' ny tetibolam-panjakana, izay tsy misy afa-tsy 0,128% amin'ny tetibolam-panjakana akory izany.

**Fitaovana politika**

Faharoa ny fampiasana ny Fitsarana ho fitaovana politika sy ho an'ny tombontsoa politika, ary farany ny tsy fanatanterahana amin'ny antsakany sy andavany ireo fepetra napetraky ny iraisam-pirenena nosoniavin'i Madagasikara mikasika izany ady amin'ny kolikoly izany. Raha izany ny fomba fijerin'ny « Transparency International », tsy vitsy kosa ireo milaza fa tsy mahagaga raha mbola any amin'ny laharana faramparany hatrany isika, satria tsy manana ny fahaleovantenany ny ankamaroan'ireo rafitra miady amin'ny kolikoly, noho ny tomponandraikitra mitantana azy ireny tendrena eo anivon'ny Filankevitry ny minisitra, ka tsy mahagaga raha sarotra aminy ny hanenjika ny trondro vaventy, nametraka azy tamin'ny toerany. Ny kolikoly izay iarahan'ny olom-pirenena tsotra sy ny mpitondra manaiky fa mahazo vahana amin'ny seha-piasana madinika indrindra ka hatramin'ny vaventy indrindra, ary antony iray mampahazo vahana ny fahantrana eto Madagasikara. Na izany na tsy izany, samy mahita ny rehetra fa sarotra ny mamongotra ny kolikoly, satria samy mahazo tombontsoa na ny mandray na ny manome, ary ny toekarem-pirenena no lasibatra, noho ny vola tokony hiditra amin'ny kitapombolam-panjakana miditra any am-paosin'ny olom-bitsy.

Mamy R.

## Marina izany !

### Tsy aleo ve asa !

**Samy resy lahatra na ny vahoaka iharany na ny mpitondra fanjakana fa latsaka an-katerena ny sôsialim-bahoaka, amin'izao fotoana izao. Maro ny antony, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fidangan'ny vidim-piainana sy ny fahaverezana asa ary ny firongatry ny tsy fandriam-pahalemana, namoizana aina sy fananana. Antony niteraka fahasahiranana ihany koa ny fiantraikan'ny rivo-doza roa nifanesy tamin'ny taon-dasa mbola tsy voarina, nampian'ny farany teo, niteraka olona maro tsy manan-kialofana. Vahaolana naroson'ny mpitondra ny hampiato ny asa hafa fa hatao laharam-pahamehana ny sôsialim-bahoaka. Samy nanana ny fomba nandikany iny nambaran'ny filohampirenena tany Ilaka Est (Vatomandry) iny ny sokajin'olona samihafa. Tao ny nametra-panontaniana hoe : haato ve izany ny fampiharana ny tetibolam-panjakana efa nolanian'ny Andrimpanjakana mpanao lalàna ? Nisy ny nilaza hoe : dia ahoana ny asa efa natomboka ? Nivadika lalàna ve izany ilay baiko? Ny hafa nilaza hoe tsy efa fanombohan'ny fampielezan-kevitra ve izany? Na inona na inona mety ho fanehoan-kevitra, heverina fa tsy any loatra ny olana. Ny fanontaniana tokony hipetraka dia ny hoe: mahavaha ny olan'ny vahoaka ve ny fizarana vary sy kojakoja samihafa isak'izay mahatsiaro? Ny valiny! Tsia, satria sady tsy mahenika ny faritra sy ny faritany rehetra nitondra takaitra sy ianjadian'ny olana izy ireny no tsy mahavita taona. Manoloana izany, soso-kevitra aroson'ny maro ny hoe: Tsy aleo ve asa no foronina, mba tsy hiverimberina ny olana sady tsy ho raiki-tampisaka ny toetsaina zatra tolorana. Tsy aleo ihany koa ve ny hevitra hanohanana ny tantsaha maro an'isa, hanatsarana ny fambolena sy fiompiana no karohina?**

Voahangy Rakotozafy

Pantina

# Fantaro ireo sakafo dimy be kalsioma

*Isan'ny sira mineraly ilain'ny vatan'olombelona ho an'ny fahasalamany ny kalsioma. Io singa io no tena hita betsaka indrindra ao anatin'ny vatana, satria mahatratra 99 isan-jato eo izany ary mivangongo ao anatin'ny nify sy ny taolana. Ireto ary misy torohevitra vitsivitsy amin'ireo sakafo 5 be kalsioma indindra.*

**Ny Frômazy**

Mazava ho azy fa misy karazam-bokatra vita amin' ny ronono tena ahitana ny kalisioma betsaka ao aminy, raha tsy hiteny aza fa saika izy rehetra. Tafiditra ao anatin'io ny frômazy "Roquefort", ny "parmesan", ny "Comte", "Emmental", "Reblochon"... Matetika eny amin'ny fivarotana goavana ireny no ahitana azy ireo, saingy efa mitobaka eny amin'ny mpivarotra maro eny amin'ny tsenakely koa ny karazam-prômazy vita eto an-toerana.

**Ny Thym efa nohamainina**

Ho an'izay tsy mahalala, karazan-degioma kely natao hakana hanitra amin' ny sakafo ny thym. Araka ny voalazan'ny mpandinika dia mitondra kalsioma hatrany



amin'ny 1260 mg isan'andro ny thym efa nohamainina. Matetika anefa vitsy no tena mihinana azy io.

**Cannelle - Cumin - Poivre**

Mitondra kalsioma 1080 mg isan'andro ny hanitra fanao amin'ny sakafo tahaka ny "cannelle" ho an'izay mihinana azy. Eo koa ny «cumin» na tamotamo (931 mg/100g). Ny dipoavatra na «poivre», izay efa fampiasantsika ao an-dakozia isan'andro.

**Ny trondro sardina**

Isan'ny karazan-trondro be kalsioma koa ny sardina. Mahatratra 400 mg isan' andro ny menaka entiny. Ankoatra io, misy singa tena ilain'ny fo sy ny vatana antsoina hoe omega 3 izy io, ary ahitana ny selenium, phosphore sy ny vitamina D koa. Na maro aza ny vokatsoa entiny, mila fitandremana ihany ny fihinanana azy amin'ny andro mafana, indrindra fa ireo tondro madinika antsoina hoe «sardinelle».

**Ny paty vita amin'ny Tufu**

Foto-tsakafon'ireo mponina any Azia ny Tufu, ary namboarina tamin'ny soja. Ankoatra ny paty dia misy koa ny frômazy. Izy ireo izay tena mitondra Kalsioma betsaka tokoa satria ny fihinanana Tufu 100 g dia ahazoana Kalsioma 350 mg. Marihana fa isan'ny manana anjara asa goavana amin'ny fampandehanana ny taova ao anaty ny Kalsioma.

JUDD

Mahery Lanto Manandafy

## Voasazy 2 taona an-tranomaizina

Omaly no niakatra fitsarana, tetsy Anosy ilay raharaha nanenjehana an'i Mahery Lanto Manandafy ho nanaparitaka vaovao tsy marina, teny amin'ny tambajotra sôsialy. Raha ny tapak'andro maraina no voalaza fa hotsaraina io raharaha io dia nihemotra ny tolakandro. Taorian'izany dia namoaka didy roa taona sy valo ambin'ny folo volana an-tranomaizina, sazy mihatra, ho an'i Mahery Lanto Manandafy sy i Aurélien, ilay nanome vaovao ny mpitsara. Ankoatra izay, didin'ny fitsarana handoa onitra 600 000 ariary izy roa lahy ireo. Ny somary nanaitra ny fianakavian'i Malama sy ny olona akaiky azy kosa dia afaka noho ny fisalasalana ilay teratany vahiny voatonona tamin'io raharaha fivarotana fitaovam-piadiana io. Nanamarika moa ny vadin'i Malama, Doris Rakoto Samuel, fa raha mbola manana fofon'aina ny tenany dia tsy hanaiky ny jadona. Manoloana izany dia heverina fa hampiakatra ny raharaha eo anivon'ny fitsarana ambaratonga ambony ny fianakavian'ny voampanga, hanoherana io didy navoakan' ny fitsarana ambaratonga voalohany io. Omaly ihany koa no niakatra fitsarana i Clémence Raharinirina, mahakasika ilay raharaha fitarihana famoriam-bahoaka tsy nahazoana alalana, teny Ankorondrano. Mbola tsy namoaka didy kosa ny fitsarana fa mihemotra amin'ny 7 febroary ny raharaha.

V.R.

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 914 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

**Trondro sy voanjobory lena**

Zavatra ilaina : trondro, voanjobory lena, voatabia, tongologasy, tongolo maitso, menaka, sira., dipoavatra

Fanaovana azy : andrahoina aloha ny voanjobory lena. Arotsaka ny saosy rehetra voalaza etsy ambony. Avy eo amboniny ny trondro lena efa nolaroina tongologasy sy dipoavatra ary sira mialoha. Manomboka eo dia menaka amin'izay no miasa ary tampotampohina rano tsikelikely fotsiny mandra-pahamasaky ny trondro.

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**


Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


Telma
SPONSOR OFFICIEL
ISIKA MIARAKA @
BAREA CHAN
MISAOTRA
BAREA
GCL 414/1-1